# Fanontaniana vitsivitsy handrefesana ny fahamarinan'ny fampahalalana vaovao

FITAOVANA HO AN'NY SEMINERA MOMBA NY TESTAMENTA VAOVAO

- Inona ny zavatra tsapako avy amin'ny Fanahy Masina rehefa avy namaky na nandre ity fampahalalana ity aho? (Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:23–24.)
- Mampanakaiky kokoa ahy amin'i Jesoa Kristy sy ny Fiangonany ve ity fampahalalana ity? (Jereo ny Môrônia 7:15–17.)
- Mamporisika ahy hitandrina ny didin' Andriamanitra ve ity fampahalalana ity?
- Mifanaraka amin'ny zavatra izay ampianarin'ny soratra masina sy ny mpaminany maoderina ve izany? (Jereo ny 2 Timoty 3:15–17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:38.)
- Manamafy ny zavatra izay efa tsapako momba izay nolazain'ny Fanahy Masina tamiko fa marina ve izany, sa mamporisika ahy hanana fisalasalana amin'ny fahamarinan'ny filazantsara? (Jereo ny Môrônia 10:5.)
- Moa ve avy amin'ny loharanom-pahalalana anankiray izay heverin'ny Mpamonjy na ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonany ho azo itokisana izany fampahalalana izany?
- Inona ny zavatra holazain'ireo ray aman-dreniko na ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana momba ity fampahalalana ity? (Raha alaim-panahy hanafina izany amin'izy ireo aho, dia inona no ambaran'izany amiko mikasika ny loharanom-pahalalana izay nipoirany?)


# Fanontaniana vitsivitsy handrefesana ny fahamarinan'ny fampahalalana vaovao

FITAOVANA HO AN'NY SEMINERA MOMBA NY TESTAMENTA VAOVAO

- Inona ny zavatra tsapako avy amin'ny Fanahy Masina rehefa avy namaky na nandre ity fampahalalana ity aho? (Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:23–24.)
- Mampanakaiky kokoa ahy amin'i Jesoa Kristy sy ny Fiangonany ve ity fampahalalana ity? (Jereo ny Môrônia 7:15–17.)
- Mamporisika ahy hitandrina ny didin' Andriamanitra ve ity fampahalalana ity?
- Mifanaraka amin'ny zavatra izay ampianarin'ny soratra masina sy ny mpaminany maoderina ve izany? (Jereo ny 2 Timoty 3:15–17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:38.)
- Manamafy ny zavatra izay efa tsapako momba izay nolazain'ny Fanahy Masina tamiko fa marina ve izany, sa mamporisika ahy hanana fisalasalana amin'ny fahamarinan'ny filazantsara? (Jereo ny Môrônia 10:5.)
- Moa ve avy amin'ny loharanom-pahalalana anankiray izay heverin'ny Mpamonjy na ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonany ho azo itokisana izany fampahalalana izany?
- Inona ny zavatra holazain'ireo ray aman-dreniko na ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana momba ity fampahalalana ity? (Raha alaim-panahy hanafina izany amin'izy ireo aho, dia inona no ambaran'izany amiko mikasika ny loharanom-pahalalana izay nipoirany?)


NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *Some Questions for Evaluating New Information*. Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.